


***76 taona tamin’ny 01 Janoary teo i Latimer Rangers. Efa ela izahay no mifankahalala. Mifandray toa mpiray tampo mihitsy izahay, ary efa imbetsaka no niaraka taminy nitety iny faritra atsimo manontolo izahay sy Dany Be (Daniel Rakotoseheno) mpaka sary, 23 taona mahery lasa izay, fony i Ndaty (fiantsoana an'i Latimer) minisitra. Tsy nisy fiovana io resaka Kere io mandrak’ity ny androany. Inona ny nahatonga io, iza sy inona no tena sakana ary inona no vahaolana maharitra? Tsara ny vidéos fa ny soratra mitoetra. Nataoko adidy ary ny nandray an-tsoratra ny voalazan’i Latimer tao amin’ny fandaharana « Don-dresaka », ao aminy Tv Plus Madagascar, tamin’ny Alahady 21 Februoary 2016. Tafiditra ao amin'ny Tantaran'i Madagasikara iombonana ity fanazavana ity.*** **- Jeannot Ramambazafy -**




Lavitra izany ny faritra Androy, ka tsy afaka andany vola handeha mankany izany ny mpanao gazety. Ka tsy afaka hisahana ny fandaniana mikasika izany satria lavitra sahabo eo aminy 1.200 kilometra any ho any ny alavirany, raha ohatra ka avy eto Antananarivo no jerena azy izany.

Ary ny resaka novoizina hatrizay, dia ilay hoe: tsy misy rano ho sotroina ny any amin'ny faritra Androy, ka noho izany tsara raha ohatra ka vatsiana rano ho sotroiny ry zareo ireo. Ka vy hatrany dia diso izany. Diso ary izay foana ilay zavatra novoizin'ny fitondram-panjakana nifanesy izay ela be izay.

Izany hoe, ny Antandroy izany tsy matin'ny hetaheta fa tsy misy rano. Aoka hazava izay resaka izay. Ka rehefa, ohatra, manao foto-drafitr'asa ny fitondram-panjanaka mahefa, dia ilay manao hoe: vatsio-ntsika rano ry zareo fa tena tsy manana rano, na handraona sakafo, na hanasan-damba na ho sotroina dia izay izany. Dia izay no mahatonga ny fitondram-panjanaka hoe: atao izany ny foto-drafitr'asa anankiray mba hoentina mamatsy rano ho an'ireto Antandroy ireto. Fa izany ny mahatonga azy maty.

Ka izay zavatra izay dia samy nitondran'ny fitondram-panjakana nifanesy izay zavatra izay. Ka diso izany. Fa ny Antandroy anie maty ny anohanana e! Satria tsy misy ilay rano. Zavatra samihafa izany an! Aoka hazava ilay resaka ifanaovan-tsika eto. Satria raha vao tsy misy ilay ranon'orana, araka ny filzanan'Andriamatoa Solombavambahoaka (Ttf: Jean Michel Henri) teo, dia tsy afaka manana tany ho volena, ka tsy misy rano handena ilay tanim-bolony izany ilay olona dia tsy afaka mamokatra.

Tsy afaka mamokatra izy. Ity vokatra azony amin'ny alàlan'ny fambolena ity anie no hafahany mivelona. Satria ny ampahan'iny no entiny mankany an-tsena amidy, hividianana siramamy; hividianana vary; hividianana fotsim-bary; hividianana *« pétrole »* hividianana savony. Ka iny izany, amin'ny alàlan'ny vokatra avy amin'ny tanim-boly, iny no hiveloman'ilay olona izany, amina vola kely, ananany fahefa-mividy. Iny izany no tanvandrainy izany.

Ka *« à côté de la plaque à tous les coups »* foana ilay fitondram-panjakana manao hoe : vatsian-tsika rano ry zareo ireo fa tena mampalahelo ny zavatra mahazo azy, dia diso ilay raharaha izany. Satria rano notakian-dry zareo. Tsy vaky izany mantsy izy, fa nametraka ny fitokisany amin'ny fitondram-panjakana mahefa nanomboka tamin'ny andron'ny fahaleovantena. Tonga tany Andriamatoa Lefitry ny governemantan'Andriamatoa Tsiranana, Andriamatoa *« Vice-président »*
Calvin Tsiebo, izay nanao hoe: efa hatry ny ela anie no misy ity resaka tsy fahampian-tsakafo izay mahazo an'Androy ity.

Ny anankiray tena nahatsiravina dia tamin'ny taona 1929, tamin'ny fitondrana vazaha izany. An'arivony maro raha tsy an'aliny ny vahoaka maty tamin'izany. Resaka tsy fahampian-tsakafo

fa ny tsy fahalalàn'ny mponina, ny firenena, ny Malagasy ny raharaha anie no mahatonga izay zavatra rehetra ataotao foana.

Tamin'ny taona 1991, dia minisitry ny Kolontsaina ny tenako tamin'izany fotoana izany, taorian'ilay fihetsiketsehana tamin'iny dia voatendry minisitry ny Kolontsaina ny tenako tamin'izay. Ary namoaka lahatsoratra aho izany na dia hoe ao anatin'ny fitondram-panjakana ny tenako, namoaka lahatsoratra tao amin'ny gazety Midi Madagasikara, izay nolazaiko ny fomba fipetraky ny zavatra rehetra. Dia voateniko tao ny fiaraha-miasa amin'ny firenena Japoney izay nanome an'ireo *« camions citernes »* maherin'ny 20 mahery na 30 amin'ny alàlan'ity foto-drafitr'asa ataon-tsika hoe *Alimentation en Eau dans le Sud* (Tff: AES).

Tonga izy izany (Ttf: ny fitondrana Zafy Albert tamin'izany), nentin-kahatezerana niditra tao amiko ka nilaza tamiko: jereo anie ity zavatra navoakanao ity! Manaova *« démenti »* na koa mifona ianao aminay. Satria lazainao fa nanao volo mifandray tendro amin'Andriamatoa Ratsiraka izahay, amin'ny alàlan'io olàna izay misy amin'ny kere any Androy io. Mazava ho azy moa izany fa dia nahateny izy ny hoe: aiza ny *« solidarité d'un membre du gouvernement »* kanefa ianao ao anatiny, nefa mahavanon-doza dia manao lahatsoratra any aminy Midi Madagasikaka ianao?

Izaho kosa aloha izany, *Excellence l'Ambassadeur*, dia na ao amin'ny fitondram-panjakana aza aho, dia tsy manaiky anaovanareo zavatra ohatran'io. Satria tsy ilay fototr'ilay olana anie no ataonareo fa omenareo *« camions »* telopolo be izao izany miaraka aminy *« pneus de rechange »,* *« outillage »* rehetra izany ny any Androy mba hiatrika ny tsy fisian-drano sy ny kere. Dia inona, hoy aho, ny zavatra ataonareo? Irahinareo izany ireo *« camions »* ireo dia asainareo maka rano, dia entinareo amidy eny amin'ilay vahoaka. Ka tsy mety izany, *« mon Excellence »* , hoy aho, satria tsy manana fahefana mividy anie ireto olona ireto e! Ka *« même le seau d'eau à 500 francs le seau »* (Ttf: Niteny teto i Sybella, mpanentana: 1.000 ariary izy izao) tsy manana ilay hividianana azy izy satria tsy voatondraka? *« Vous aurez du commencer »* amin'iny fanondrahana ilay *« périmètre »* ilay tany.

Raha ohatra ka nanao ianareo « pipe » avy any atsinanana, *« çà fait en tout et pour tout, à vol d'oiseau, entre 90-85 kilomètres avec des relais de rétention »*
, asiana ilay rano dia
*« pomper »*
-na, asiana « petites centrales dia
*« pomper »*
-na dia
*« redistribuer »*
-na… Efa miditra avy hatrany moa isika amin'ilay vahaolana, ialako tsiny, ialako fondro.

Ilay zavatra moa tany niavian(ny tena ka ohatran'ny lasa adala ny tena raha vao miresaka azy izany. Satria *« çà fait des années »* fantatry ny mpanjanan-tany io fa hoe : ity tany ity dia tany nanohitra foana io tany any Atsimo io. Ary ilay *« tradition »* manana tantara amin'ny maha-piady azy. Resiny tao ry Radama sy ny tafiny; resiny tao izany ny Frantsay. F'efa natao daholo ny zavatra rehetra. Inona ny nataon'ny Frantsay, hoy ianareo? Nentiny avy any La Réunion ilay biby kely atao hoe
***« cochenille »***
nanamontsana ilay faritra voavoly raketa. Satria io no foto-tsakafon'ny Antandroy. Ka ry zareo ireto no manohitra anay hatrany foana dia ataon-tsika ny am-pisy an'ireo satria ny
*« plantations »*
rehetra any Ambanja, any Brickaville, ny fambolem-bary izany, ny
*« cacao »*
, ny
*« ylang-ylang »*
any Nosy-Be, ny
*« vanille »*
rehetra teo am-pela-tanàn'ny voanjo dia mila mpiasa, mila sandry. Ka tsy misy, hoy ny mpanjana-tany, foko izay mafy lamosina hahatanty ny ain'andro, hahatanty ny kaikitry ny moka, ny
*« anophèles »*
izany, raha tsy ireto.

Dia nanomboka teo izany dia lasa ni *« s'expatrier »*, manao *« gardiens »*, manao posy-posy any Majunga, any Toliara;
*« mi-convoyer gardiens d'entrepôts »*
, dia mbola mitohy mandrak'ity ny androany. Na misy aza ny ranon'orana dia mbola mitohy foana ilay zavatra. Ato Ambalavao Isotry, ohara, dia misy Antandroy izay mivarotra
*« fers ronds »*
. Misy koa Antandroy hitanareo mirenireny mitondra mangidy, mivarotra gazety

*« à même le trottoir »*
.




Misy ilay ohabolana *turc* izay milaza manao hoe: raha iny ilay famaky handaboka antsika hazo eto amin'ity alà ity, moa ve tsy avy amintsika aty ihany iny zarany iny? hoy ny hazo rehetra. Nangoro-vitsika daholo ny hazo (Ttf: somary namboariko ilay izy satria hafa ny teny, hafa ny soratra). Satria, ny antony dia ity: rehefa ohatra ka mifanohitra amin'ny mpitondra mahefa izany izahay avy any dia tsy mahatohitra an-dry zareo. Satria arovanay ilay sezanay, ary tsy afaka hanao hoe tsy mety. Jereo f'efa lasa
*« éléphant blanc »*
io resaka
*Alimentation en Eau dans le Sud*
io.
*« Un seul camion sur 30 exemplaires »*
no sisa izany.
*«Sur cales »*
daholo izy rehetra.

Andriamatoa Ratsiraka, izay lolohavina an-tampon'ny loha (Ttf : na dia tsy namela an'i Latimer hiteny ao aminy Rnm nandritra ny 11 taona be izao !) dia nilazana anao hoe : tsy ny ranon'i Menarandra anie, Andriamatoa Président no tokony halainao fa ilay zavatra hoe hanondrahana ny tanim-boly, mba hafahan'ny Antandroy mamboly ary dia hanàny fahefana mividy satria mivarotra ny vokatry ny famboleny eny an-tsena. Inona indray, hoy ianareo? Avy hatrany dia ny ranon'i Menarandra, izany hoe ary (atsinanana) indray izany no tarihina anaovana « bassin de rétention », dia paompina avy any, dia nasaina nandalo an'i Beloha, sia any Tsihombe. Mbola ilay zavatra tsy izy foana izany ilay izy. Ka efa mahantra moa ny tena, ka rehefa mahantra dia tsy mahatohitra *« celui qui tient le couteau par le manche »*. Ka dia tsy afaka milaza aminy ianao hoe : sitrany ahay vaza-mihetsika, alehoko misy an'ity fotodradritr'asa ity na dia tsy « solution », tsy vahaolana maharitra ity zavatra ity izany.

Dia inona indray? Misy indray hono ny atao hoe *« Objectif Sud »* e! ***« Mais le gars est parti carrément avec la caisse, sans qu'il a été inquiété pour autant! »***
. Dia nangina izahay tany. Tonga indray ny
*« Opération Androy »*
. Nataon'ny fitondra ihany koa io. Dia nasiana fanampiny amin'ny famoronana angadin'omby sy angady tsotra ho an'ny Antandroy izany. Dia nanaovana fambolen-kazo antsoina hoe
*« brise-vent »*
. Satria manana rivotra izahay atao hoe
***« tioka atimo »***
(Ttf : tsioka atsimo) izay
*« vent sec »*
ka raha vao mitsioka dia mi-déséchesser » ny ankamaroan'ny fambolena rehetra izany, dia mikarainkona daholo ny fambolena izay rehetra atao.

Dia teo io. Nanao tokoa aloha satria nisy ary mbola hita mandrak'ity ny androany ireo fambolena hazo kininina izay mbola velona soa aman-tsara ary raha tsy noresahina izany dia ohatrany hoe mandrora mitsilany ihany ny tena raha tsy miteny izany hoe : mba zava-bita io izany na dia tsy nahatondra na tsy nahatondra vahaolana maharitra ho an'ilay zavatra. Dia ilay problema hitadiavina vahaolana dia ilay hoe ; tariho ny rano dia asio *« relais »*? Mitodika *« direct »*
amin'ny rano any amin'ny faritra Anosy aho: na Ifaho izany, na ny rano ety akaikaikiny ety dia tokony tarihina mankany Ambovombe mandalo ao Sampona,
*« le long du littoral »*
, mandeha mahazo an'i Sada hatrany Berato dia asiana ny
*« relais ».*

Izao indray no nolazaina tamin'ny andron'ny tetezamita (Ttf: 1992-1993). Ary mety ho tezitra angamba ilay namako *ministre ny Agriculture* tamin'izany. Misy *bilharziose*, hoy izy, ilay ranon'Ifaho ka tsy azo atao. Izany ve ny
*« grief »*
tsy anaovanareo azy? hoy aho. Izaho anie tany Lausanne any Suisse e ! dia nahita ny
*« agent »*
ny Bayer, ilay
*« multinationale allemande dans le domaine des médicaments de la pharmacie ».*
Ka nanaiky ry zareo hanao ilay
*« pipe »*
. dia nentina teo amin'ny fivoriam'ben'ny governemanta, dia nilaza io aho tamin'Itompokolahy Razanamasy, Praiminisitra. Dia nilaza aho : izaho anie nahita
*« bailleurs »*
ary ny anarany moa efa Bayer raha teo, ka vonona izy.
*« Il suffirait de votre signature, Monsieur le Premier ministre »*
mba hazahoana azy hanao ilay fitarihina ilay rano avy any (Ttf: Ifaho). Dia hoy izany

Itompokolahy Razanamasy: izany ry leity
(Monsieur Emmanuel Rakotovahiny), i Ndaty (Ttf: Ondaty: lehilahy amin'ny fiteny antandroy), hono nahita olona hanao ilay zavatra any aminy… Dia maty ankarahany teo indray iny izany (Tff: izany hoe tsy nasian'i Rakotovahiny valiny sy tohiny ilay resaka). Dia maty ankarahany hatrany hatrany izany.

Dia tonga ny Ong rehetra. Manao ny GRET, manao ny Catholic Relief Service… Inona ny ataon'ny USAID? Impluvium? Ka ilay impluvium izany natao ho *« réservoir d'eau »* hitsinjovana ny tsy fisian'ny rano. Ary natao praograma'ny fitondram-panjakana ihany koa fa tsy izy e! Tsy mahatody ary tsy ilay vahaolana. Izany hoe ohatran'ny
tadiavin'ny fitondra indray, angamba, hisy fikomiana ataon'ny Antandroy ohatra ny tamin'ny taona 1971 notarihin'Itompokolahy Dada Monja Jaona izany. Satria ny
*« capacité de résistance »-*
n'ilay olona… Matoa izany nitraotra tamin'iny dia efa tsy eran'ny ainy izany ilay fahoriana mianjady aminy. Ka azo atao tsara ilay vahaolana noteneniko io. Dia hoe: izany anie mila
*« investissements considérables »*
e
. Ka dia
*« on ne fait pas une omelette sans casser des œufs »*
(...).

**Nandika an-tsoratra : Jeannot RAMAMBAZAFY**